Voka-tsoa azo avy amin'ny teknika P-dipping

1. Manatsara ny voka-bary amin'ny tany manta tsy ampy zezika

Fambolena tsotra **P-dipping**

Ny fampiasana zezika TSP 3kg dia hahazoana tombom-bary akotry manodidina ny 40~50 kg (45,000~60,000 Ar).

2. Manafaingana ny fitombon'ny vary mba tsy hahatratrarany ny fotoanan'ny hatsiaka

Fambolena tsotra **P-dipping**

Aiza ny toerana afaka hampiharana ny P-dipping?

1. Tanimbary tsy ampy zezika ary ambany ny voka-bary
2. Tanimbary tsy ampy kasinga faosifaoro
3. Toerana mangatsiaka, tara ny fanetsana sy/na ny fijinjana

Ahoana no ahafantarana fa tsy ampy faosifaoro ny tanimbary?

1. Vitsy ny zana-bary.
2. Miadana ny fanirin'ny vary.
3. Ambany ny vokatra azo na nahazo rano tsara sy voaava tsara ary ny vary.

Torolalana momba ny Teknika P-dipping

Levonina ao anaty rano 5~10L; alina iray mialohan'ny fanetsana ny TSP 3kg.

1. Arotsaka ary afangaro tsara ao anaty **A. Lavaka** (60 cm x 60 cm x 15 cm) na **B. Koveta** ny fotaka avy ao an-tanimbary sy ny rano.
2. Arotsaka ao ary afangaro tsara amin'ny fotaka ny ranon-jezika.
3. Azo ampiana tany maina malemy avy eny ivelany, ary afangaro tsara mba hahazoana fotaka marihitra.
4. Alona ao ny ketsa mba hampiraikitra tsara ny fotaka amin'ny fakany.
5. Fanetsana: tandremana mba tsy hiendaka ny fotaka amin'ny fakam-bary*

*Tohizana ny fanetsana mandra-pahalanin'ny fotaka (Mahavita 5 ara eo ho eo)



Raha koveta mahazaka:
40L=> ampiasaina daholo ny ranon-jezika
20L=> ny antsasaky ny ranon-jezika ihany aloha no ampiasaina (TSP 1,5 kg levonina ao anaty rano 5~10 L)

5
Fanetsana



Afaka mampiasa koveta hitaomana ny ketsa sy ny fotaka.

Zezika TSP ihany no azo ampiasaina amin'ny fangaro fa tsy zezika hafa!